Resaka HCC sy CENI 2

## Ho kianja maloto no hilalaovana amin'ny fifidianana

Fahatapahan-jiro 7

## Manimba ny fidiram-bolan'ny maro


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)


Miala Rajoelina 3

# J - 14


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Sabotsy 26 aogositra 2023 Laharana 1465 Vidiny : 600 Ar


Madagasikara mandray ny Lalaon'ny Nosy 5

# Miseho lany ny tsy fahatomomban'ny fikarakarana



Nanatitra voalohany dosie tao amin'ny HCC 2

# Vonona sy sahy amin'ny fifidianana ny filoha Ravalomanana



Ankatso 6

# Habibiana no nataon'ireo mpitandro filaminana tamin'ireo mpianatra



Fianakaviamben'ny Sendika sy ny Seces 7

# Tsy azo ekena intsony ny antsojay sy fanamparam-pahefana



Oniversiten'i Fianarantsoa 6

## Aato ny fampianarana noho ny Lalaon'ny Nosy

Lalan'i Fandriana 6

## Nisehoana lozam-pifamoivoizana namoizana aina koa

**Daka kely**

Kely sisa, tsy azon'ialahy isany sakanana ny fotoana fa manatona hatrany ny Boaikely a !

NANATITRA VOALOHANY DOSIE TAO AMIN'NY HCC

# Vonona sy sahy amin'ny fifidianana ny filoha Ravalomanana

Ny filoha Marc Ravalomanana, filoha nasionalin'ny antoko TIM, no kandidà voalohany tonga nanatitra ny antontan-taratasy firotsahan-kofidiany amin'ny fifidianana tetsy amin'ny HCC Ambohidahy ny alakamisy teo. Araka ny fanambarana fohy nataony : ''tonga teto amin'ny HCC ny tenako androany, nametraka ny "dossier de candidature" amin'ny fifidianana Filoham-pirenena ny 9 novambra 2023 ho avy izao. Tontosa soa amantsara izany hisaorantsika Andriamanitra. Vonona sy sahy aho hiatrika izany fifidianana Filoham-pirenena izany, ny 9 novambra 2023 ho avy izao.'' Nanatitra dosie voalohany ny tenany sy ireo mpiara-dia aminy, hiady mafy ihany koa izy sy ny mpomba azy, ka ho voalohany ho mpandresy rehefa ho tonga izany fifidianana izany. Ny antoko TIM no irotsahany hofidiana, fa ireo olon-drehetra tsy ankanavaka hanohana azy kosa, na mpanao politika, na fiarahamonim-pirenena, na fikambanana samihafa, na olon-tsotra,… dia hivondrona ao amin'ny KMMR : Komity Manohana an'i Marc Ravalomanana, hampandresy azy amin' izany adidy masina hatrehan'ny mpifidy izany amin'ny 9 novambra ho avy izao io.



*Ny filoha Marc Ravalomanana sy ny mpiara-dia aminy, nanatitra ny dosie firotsahan-kofidiana tetsy Ambohidahy.*

***Isambilo***

Tampon-tanànan'i Fianarantsoa

# Tafajoro ny birao vaovaon'ny DISTIM

Tafajoro ny alakamisy teo ny birao vaovao ny DISTIM ao an-drenivohitra Fianarantsoa faritra Matsiatra Ambony. Ireto avy ireo 8 mianadahy mianaka handrindra izany:
- Brito Tsilefinirina no lany ho filoha avy amin'ny Arrondissement Andrainjato Nord.
- Louis José Razakandraibe no Filoha lefitra avy ao amin'ny Arrondissement Ville basse.
Sekretera jeneraly: Rabearivelo Maevah: Arrondissement Andrainjato Nord.
Mpitam-bola: Nariharivony Gilbert: Arrondissement Ville basse
-Mpanamarim- bola: Rasolofohery Harison: Arrondissement Vatosola.
Lydia Rasoarimalala: mpitan-tsoratra: ville basse.
Mpanolon- tsaina: vehivavy :
-Thianah Océane: Arrondissement Andrainjato Nord.
- Tanora: Dr Andry, Arrondissement Andrainjato Nord.
Fanambin'izy ireo ny tsy hampitsanga-menatra ny filoha Marc Ravalomanana sy ny antoko TIM, amin'ny fifidianana ho avy hatao eto amintsika amin'ny volana Novambra ho avy izao, ao amin'ny renivohitry ny faritra Matsiatra Ambony.



*Ireo ao amin'ny birao vaovaon'ny DISTIM Fianarantsoa.*

***Isambilo***

Fahitana vahiny ny raharaham-pirenena

# Mitsambiki-mikimpy Rajoelina sy ny ekipany

Ho fatoran'ny teny nataony hatrany hatrany Rajoelina hoy ireo vahiny sendra ny mpanao gazety teny Avaradrano teny, tamin'ny faran'ny herinandro teo, raha nanontaniana ny momba ny raharaha politika eto Madagasikara nandritra izay fotoana nitondran-dRajoelina izay.
Vaky vava tokoa ry zareo nahare, fa ny talen'ny kabinetran'ny fiadidiana ny repoblika mihitsy, izay tsorina fa izy ihany no nanendry azy tao, no nanao adalana tany Londres tany, ka dia izao voagadra miandry fitsarana izao, izay azo inoana hoy ry zareo fa nahazo "Feu vert ", na nahazo tso-drano tamin'ny filoha Rajoelina matoa tafavoaka teny Ivato, sy tonga tany ivelany tany, ka mody nolazaina fa naka rivotra, manao vakansy, nefa tratra teny am-pivoriana mihitsy, izay tsy logique ihany hoy ry zareo ireo. Mpandraharaha vahiny miasa eto an-toerana ireto vahiny, mahay sy mahazo ny teny malagasy ary efa ela nipetrahana teto tokoa.
Vao tsy ela koa no nanakoako teto an-toerana ny hoe: mandrora mitsilany mihitsy ny filoha Rajoelina io raha ireny làlana RN13 ireny, izay tokony ho tratrariny tamin'ny 2021 no asian-teny, raha ny kabary nataony tamin'ny volana oktobra 2020, izay mbola tsy tanteraka hatramin'ny farany hatramin'izao, ka nahatonga ny maro hilaza fa resaka lainga avokoa raha atao in-dray mijery. Teo moa no nilazany fa tsy hanao politika intsony izy raha tsy tanteraka hatramin'ny farany io làlana io, nefa mba diniho kely hoy ireto vahiny, fa toa kabary am-bava fotsiny ihany, fa tsy mahay manatanteraka akory, fanjakana mpanao tantely afa-drakotra ny harem-pirenena raha bangoina tsotra, manao be lazao hoy ireto vahiny naneho hevitra. Raha atambatra ny feo sy ny akom-baovao voaray, sy ireo izay efa naely teto, dia milaza ny mpanoratra fa: tsy aleo ve mihataka io fitondrana io, fa tena tsy matotra sy tsy zatra ady. Mazava izany, fa na vahiny na tera-tany malagasy, dia tsy vitsy no efa tofoka amin'izao fitondrana Rajoelina izao, tsy mijery izay mahasoa ny vahoaka fa dia variana amin'ny mahafinaritra sy ny manara-penitra diso làlana, vokatry ny velirano 13 natao petatoko hoy ny maro : ahitana olon-tsotra, mpanao politika, fiarahamonim-pirenena, ny onjam-peo sy haino aman-jery tena milaza ny marina, ireo mpanao facebook miparitaka maneran-tany hita sy voaray,…

***Beharo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Resaka HCC sy CENI

# Ho kianja maloto no hilalaovana amin'ny fifidianana

Haloto ny kianja hilalaovana raha eo amin'ny resaka fifidianana ho avy. Na dia tsy miseho mivantana aza dia hita taratra ny tian'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana '(HCC) ahatongavana. Efa hatramin'izay fotoana niasan'ireo mpikambana ankehitriny ireo ka mandraka ankehitriny. Tsy atao hahagaga velively raha ho an'izay mahay manaraka ny fitantanan-draharaham-pirenena eto, ireny fanambarana navoakany ny talata lasa teo ireny. Efa hita taratra ireny raha vao nanipinipy teny momba ny fizakana ny zom-pirenen'i Andry Rajoelina ny filohan'ny HCC andro vitsivitsy lasa izay. Nambara tamin'ny lahatsoratra natao teto, fa misy mampanahy tanteraka ny hevitr'ity andrim-panjakana iray ity momba ny amin'ny filohan'ny Repoblika. Nambarany sy notsindriany hatrany mantsy ny amin'ny fizakana ny zom-pirenena malagasy, fa tsy nanisy resaka na dia kely aza izy ny momba ny amin'ny fizakan'i Andry Rajoelina ny zom-pirenena frantsay. Efa midika zavatra betsaka izany amin'izay hambarany amin'ny hoavy. Dia ireny fanambarana momba ny fitoriana napetraka tany aminy ireny no santatr'izany, fa mbola hoavy ny manaraka, izay hifanohitra na amin'ny tsy eken'ny sain'ny olom-pirenena maro saropiaro mafy amin'ny fiandrianam-pirenena sy ny mikatsaka fahaleovantena madio mangarahara tsy mifamatopatotra amin'ny mpitondra frantsay, izay nanjanaka ity firenena malagasy ity na tamin'ny fotoan'andro na fanjanahana amin'izao endriny vaovao izao.
Rehefa ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana no mitarika ho amin'izany endrik'izay ho fifidianana toy izany, dia haloto ny kianja hilalaovana. Tsy ho voahaja ny tany tan-dalàna, araka izay nambaran'ny mpahay ara-toekarena sy politika andro vitsy lasa izay. Raha hijery vilana ny Hcc na dia misy aza ny fandikan-dalàna samihafa sy ny tsy fitoviana eo amin'ireo antoko manohana ny fitondrana sy ny avy amin'ny fanoherana eo amin'ny hetsika izay atao rehetra, dia ho kianja maloto no hilalaovana eto manomboka izao. Ao anatin'izany ny momba ny Ceni sy ny paipaik'ady politika maloto samihafa ataon'ny eo anivon'ny fitondrana na ireo antoko manohana azy, afafy miandalana eo anivon'ny fiaraha-monina. Hampanahy fatratra araka izany ny hoavin'ity firenena ity, satria ny andry natao hiaro sy ho saropiaro amin'ny fampanjakana ny fahamarinana eto amin'ny firenena no hinia hikimpy sy hanarotsarona ny lalamaizina hampizorana ny firenena. Hamoa-doza izany ary hametraka vanja milevina miandry fotoana hipoahany fotsiny. Tsy an-kijery sy tsy hisainina intsony eto ny amin'ilay fiteny feno fahendrena hoe "ny kianja no tsy asian-dratsy, mbola hilalaovana", f'izay lalana any lalany. Mila ny fahatongavan-tsainan'ny vahoaka malagasy tanteraka izany, fa ho sarotra ny lalan-kizorana.

***Sôh'son***



*Ny filoha Rajoelina, filoha ninia naka zom-pirenena Frantsay.*

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fialan-dRajoelina

# Tsy azon'ny mpomba ny fitondrana tazonina ny andro sy ny fotoana

Tsy azon'izao fitondrana izao tazonina ny andro ka mizotra tsikelikely ho any amin'ny tsy maintsy hametrahan-dRajoelina Andry Nirina fialàna amin'ny maha filohan'ny Repoblika Malagasy azy. Ny tranga rehetra eto amin'ny Firenena anefa dia toa mampiseho fa mitady ny fomba rehetra hanalavana ny fitantanany ny ao amin'ny fitondrana. Raha ny fanapahan-kevitry ny filankevitry ny minisitra tato anatin'ny herinandro vitsivitsy dia manambara ny fanatanterahana fotodrafitrasa nampanantenain-dRajoelina Andry Nirina taona maro lasa kanefa tsy nanomboka hatramin'izao. Porofo izany fa tsy misy mieritreritra izany famaranana izany ireo tompompahefana, ka miseho amin'ny ataony sy ny fihetsiny ho mbola manana ny hery rehetra eo am-pelatanany. Na dia omaly aza ny lanonam-panokafana ny lalaon'ny Nosy dia Rajoelina Andry Nirina mihitsy no nandray ny « Afo Olympika » tany amin'ny Renivohiparitany sasany na dia nisy tranga tsy azo noeritreretina aza ny nanadinoina tany Antsiranana ny afo izay tsy tonga tany Mahajanga izany kanefa ny manampahefana efa vory lanona. Mbola miseho ho mandray andraikitra ny mpitondra ka nilomay manampitampina ny lavaka amin'ny làlana mety handalovan'ny delegasiona sy athleta vahiny tato anatin'ny andro vitsivitsy. Mirotsaka manadio sy mamafa tanàna ihany koa hatramin'ny Praiminisitra sy ny governemanta ary ny foloalindahy. Vonjy tavanandro ihany izany fanadiovana izany satria dia misy amin'ireo mpilalao baskety morisiana marary kibo ka azo antoka fa loto no fototr'izany. Miseho ho mahafehy ny fanomanana ny fifidianana koa ireo rafitra misahana izany, Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC), ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana (CENI) kanefa ny lisitry ny mpifidy izay efa tsy azo kitihina intsony aza mbola nalavaina indray ny fahafahana mampiditra ny anarana ao anatiny. Etsy an-kilany kosa dia miala ilany ny HCC ka manilika andraikitra manoloana ny fitoriana momba ny maha vazaha frantsay an-dRajoelina Andry Nirina, ka tokony ho foanana ny didy nivoaka nanambara ny fahalaniany ho filohan'ny Repoblika. Toa mbola manana ny hery sy fahefana eo am-pelatanany Rajoelina Andry Nirina sy ny forongony, ka nanakana ireo hery velona maro samy hafa nikasa naneho hevitra sy nanao fanambarana ny alakamisy lasa teo teny amin'ny "Espace" iray eny amin'ny By Pass, izay norahonan'ny herim-pamoretana tsy nandray ireto efa namandrika mialoha ny toerana ireto. Afaka nanao fanambrana teny an-dàlambe ihany anefa ireto hery velona ireto ary azo fintinina ho tsy fanekena firotsahan'ny olona manana zom-pirenena vahiny ho kandidà filoham-pirenena eto amin'ny Repoblika Malagasy, ka anisan'izany Rajoelina Andry Nirina tsy amin'ny maha izy azy, fa noho izy frantsay. Toa mbola manana ny hery sy fahefana tokoa Rajoelina Andry Nirina sy ireo mpiaro azy ka afaka mandefa teny midina eny amin'ny Anjerimanontolo, azo heverina fa noterena ny filohan'ny Oniversite Antananarivo nanala ny "Franchise Universitaire" ary porofo izany fa mbola mitsabaka any amin'ny sehatra rehetra ny mpitondra. Tsy an-taratasy ihany no nampisehoan'ny mpitondra izany fahefany izany, fa eo koa ny fampiasana ny herim-pamoretana nidaroka ireo mpianatra mitokona noho ny fahatapahan'ny fampianarana eny amin'ny Anjerimanontolo noho ny fitokanan'ny Mpampianatra Mpikaroka sy ny Mpikaroka Mpampianatra, sy ny fitakiana ny hampiakarana ny vatsim-pianarana zato isan-jato, satria tsy mahavita na inona na inona intsony izay raisiny amin'izao fotoana izao manoloana ny vidim-piainana. Miseho ho tsy ho tratry ny aloka sy ho manampahendrena noho ny hafa koa ny vehivavy manam-pahefana akaikin-dRajoelina Andry Nirina, ka mijabaka amin'ny andraikitra tsy misy hidirany ary manameloka sy manafoka ny mpianatra. Manana 34 miliara ariary Rajoelina Andry Nirina sy ny governemanta andraisana ny Lalaon'ny Nosy kanefa tsy mahaloa ny karaman'ny eny amin'ny Anjerimanontolo, ny mpandraharaha, tsy manana ny vola zato miliara hanaovana fifidianana.

Na dia miseho ho mbola manana ny fahefana ara-politika, ara-tafika sy ara-pitsarana ary ara-pitantanana iatrehana ny loza rehetra mihàtra eto amin'ny Firenena aza Rajoelina Andry Nirina sy ny mpiray tsikombakomba aminy dia tsy afaka mandà fa kikisan'ny aretina sarotra sitranina ny sehatra rehetra, mararin'ny tazon-karena ny mpitondra, ka mila fitsaboana mahery vaika (traitement de choc), mila mpitsabo sy mpitsabo mpanampy voasedra sy manana hery fiarovana tsy hifindran'izany aminy.

**Andry Tsiavalona**

---

MIALA RAJOELINA. J- 14

# Mampiasa ny foloalindahy ho herim-pamoretana

Nampibaribary indray ny jadona sy ny fanamparam-pahefana ataon'ny fitondrana Rajoelina eto amin'ny firenena, ny fanakanana ny fanambarana saika ataon'ireo mpanao politika tao amin'ny Yandi By-Pass ny alakamisy teo. Na tsy nahazo nidirana aza ny tao amin'io Espace io, afaka nanao ny fanambarana teo andalambe ihany ireo tonga teny an-toerana.

Mpitandro filaminana maro no niambina ny vavahadin'ny trano fandraisana lanonana Yandi By-Pass teny Alasora, tsy ho azo nidirana ny alakamisy 24 aogositra 2023 tolakandro teo. Tsy tafiditra tao ireo mpanao politika avy amin'ny antoko samihafa sy ny mpanohana azy ireo avy, raha nikasa hanao fanambarana iombonana mikasika



*Ireo mpanao politika nanao fanambarana teo ivelan'ny Yandi By-Pass ny alakamisy teo.*

ny fiandrianam-pirenena. Samy nanontany tena rehetra tamin'izany :" angaha tsy azo atao intsony ny mivory na anaty trano mihidy aza ? aiza ho aiza ny zo fototra fahalalahana mivory sy maneho hevitra? Tapaka ny lalana teny amin'ny By-pass noho izany tamin'ny atoandron'io andro io, noho ny fitangoronan'ny olona teo anoloan'ny vavahadin'ny toeram-pilanonana Yandy By-pass. Saika hanao fanambarana tao an-toerana ny antoko politika maromaro kanjo nohidian'ny mpitandro filaminana any any anatiny ny vavahady. Tazana teny an-toerana ny avy amin'ny MTS, ny TIM, ny ARB, ny LERA, ny Mihava Tours, HVM, APM, RMDM, FLN, OTRIK' AFO, MMM, MFM, ADM, sy ny maro hafa,… Manohitra ny filatsahan-kofidian'i Andry Rajoelina amin'ny maha Frantsay azy avokoa ireo antoko ireo. Ny maro an'isa sarotiny amin'ny fiandrianampirenena no miray feo manohitra ny fanjanahana amin'ny endriny vaovao. Tsy azo ekena intsony ny fijanonan'i Andry Rajoelina eo amin'ny fitondrana izay mampiasa ny Foloalindahy ho herim-pamoretana, soa ihany fa efa 14 andro : J- 14 sisa hijanonana amin'ny toerany, izy izay manana eritreritra ny mbola hirotsaka hofidiana na ninia ho vazaha taratasy aza.

**Niaina**

---

facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Resaka kinamanamana amin'ny Lalaon'ny Nosy

## Mitohy ny fanalana baraka an'i Madagasikara ataon'ny mpitondra

**Elia Andriamparany :** mivoaka koa ity ny Ultimatum. Mbola mitohy foana ny fanalana baraka an'i Madagasikara. Mi-werawera loatra ka izao ny vokany ry 6eme d'âne. Ho forfaits ny athlètes noho ny adalan'ireto. Atao politika ny sport. Vao manomboka hoy aho fa hahita ny tohiny isika. Omaly ny basketteurs Mauriciens nanao intoxication alimentaire faobe. Ny Comoriens tsy nisakafo, ny trano hono sahala @ bidonvilles. Dia inona koa ny liste manaraka? Rehefa tsy ny olona tena mahafehy azy no omena toerana fa kinamanamana satria mbola bizina daholo izany dia tsy mandeha amin'izay laoniny. Izao mibaribary ny tena réalité fa ny vahiny no mamoaka azy. Bande d'incapables.

**José Alain Patrick RafaliMAndimby :** d betsaka no faly.

**Tafita Jeremia Rakotonirina : José Alain Patrick RafaliMAndimby :** faly satria fantatra ny zavatra tsy manjary ataon'ireo. Ireny ihany no hita sy fantatra satria ny vazaha sahy milaza ny marina. Fa raha ny mpitondra no miteny dia fotsy daholo io na dia mainty gizoka aza. Fa raha ny zavatra tsy manjary nataon'ireo rehetra teto dia tsy voatanisa intsony. Mety hiteny ianao hoe tsy mora ny manao zavatra. Tsy any ilay izy, fa resaka vola io, ny ecran plat aloha sy ny paosy mila vola.


**Vololona Razafimalala :** show bojo eh !

**Soloniaina Hasina Razanakolona : José Alain Patrick RafaliMAndimby :** FA BETSAKA koa ny MISEHO MILAY kanefa...

**Axel Hugo : José Alain Patrick RafaliMAndimby :** miseho be werawera koa, ny vahoaka mijaly, betsaka ny zavatra tsy mety ataon'ny fitondrana, tia tena , tia voninahitra. Tena matoky ny justice divine.

**Ralaiavy Thierry :** lay gasy mapme, ny olona manaratsy ny fireneny ndray no tiany.

**Botity Dontofetsy : Ralaiavy Thierry :** zava-misy io fa tsy manaratsy. Tsy fantatrao angaha fa ny CIJ io miteny io? sao dia ianao no mampihomehy.



Le Mauricien
22 h ·

‼️ URGENT - Ultimatum du CIJ

A deux jours des JIOI, Madagascar se retrouve avec trois impératifs imposés par le CIJ :

- Karaté : il est demandé à Madagascar de résoudre ses problématiques nationales de reconnaissance de fédérations, en mettant de côté la politique. Sans quoi, les karatékas malgaches seront retirés des Jeux.

- Pétanque : il est demandé à la fédération malgache de régler ses comptes auprès de la fédération internationale. Sinon, les boulistes malgaches ne pourront participer aux Jeux.

- Ping-pong : trois pongistes malgaches détenant la nationalité française doivent présenter des documents prouvant qu'ils vivent dans la Grande île depuis un an, sous peine de suspension.

---

### TONONKALO

## Ny nanirahana an'ireo

Ireo mpitsara sy komity ireo ihany no hotanana
Ka handrindra sy handamina ny zotram-pifidianana ?
Dia inoy fa ny hala-bato no hita soritra efa miainga,
Fa ny nanirahana azy ? ny hampandresy an-dRainilainga !

Ka mizotra ho amin'izany ireo rehetra izay ataony ,
Peta-toko sy amboletra , izay no tena kilalaony.
Efa ampoizina indray ny fiverenan'ireo hosoka,
Manavanana azy mantsy ilay hoe « lisitra vorosoka » !

Raha izay mbola ireo ihany no omanina hitsara,
Dia tsy hisy ny « madio » sy izany hoe « mangarahara »,
Fa tsy maintsy ho « tsara vilana » sady feno fiandaniana,
Tena izany no hiseho ka dia tsy hampisy fitoniana !

Na ny toetra aseho aza , efa tena mahonena,
Fa ny fotsy no tadiaviny mbola havadika ho mena.
Efa tena mampisento sy mampiaiky ny mpitazana,
Tena azo kilasiana ho « mpivaro-tanindrazana » !

**DADAN'i RIANA (25-08-23)**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ireo mpanao politika voasakana, saika hanao fanambarana momba ny fiandrianam-pirenena, teny amin'ny Yandi By-Pass Alasora ny alakamisy tolakandro teo.**

















## NY TENY FIAINANA

*"Ny hendry matahotra ka mivily tsy ho amin'ny ratsy; fa ny adala fatra-pirehareha [Na: misafoaka.] ka matokitoky foana."*

***Ohabolana 14:16***

### Madagasikara mandray ny Lalaon'ny Nosy 2023

# Miseho lany ny tsy fahatomomban'ny fikarakarana

Niseho lany sahady teo amin'ny fanombohan'ny fifaninanana tamin'ny alakamisy 24 aogositra 2023 teo, ny tsy fahatomombana amin'ny fikarakarana ny lalaon'ny Nosy 2023 atao eto amintsika. Tao amin'ny pejy "Comoros Football 269" ohatra dia nahitana an'izao fanambarana izao : Début difficile pour les JIOI 2023 ? Le trio arbitral comorien qui doit diriger le match Madagascar – Seychelles (à19h) de ce soir n'a pas pu se restaurer depuis le matin. L'organisation est directement pointée du doigt d'après les témoignages qui nous parviennent. On nous signale également des conditions difficiles d'hébergement et des problèmes liés à la restauration dans les différentes délégations des îles participantes (des cas d'intoxications alimentaires). Teo amin'ny fampahalalam-baovao avy eto antoerana indray (l-bc News) tamin'ny alakamisy 24 aogositra 2023 tamin'ny 8ora alina latsaka fahefany, no nanambaran'ny mpilaza vaovao tao ny hoe : « Lalaon'ny Nosy : Mpilalao avy amin'ny Nosy samihafa no fantatra fa tojo tsy fahasalamana vokatry ny sakafo. Ho an'i Maurice, mpilalao basketball miisa 5 no narary kibo nanomboka alina. Nanamarina izany ny mpanazatra azy ireo ».



*Mpitsara baolina kitra Kaomoriana teny amin'ny By-Pass.*

***Rainilita***

### Lalaon'ny Nosy 2023

# Ireo fandaharan-dalao anio sabotsy

Taorian'ny lalao baolina kitra natao teny amin'ny kianja "Elgeco Plus Stadium" tamin'ny alakamisy 24 aogositra teo, ka nahazoana an'ireo voka-dalao : Comores – Mayotte 0-0, Madagascar – Seychelles 1-0 dia hitohy anio sabotsy 26 aogositra indray, ireo fifaninanana samihafa. Fandaharan-dalao Volley-ball, andro voalohany, 26 aogositra 2023 eny amin'ny kianja mitafon'Ankatso : 10h00 (D)- Maurice # Maldives (B ), 12h00 (H)- Réunion # Maldives (A), 14:00 (H)- Seychelles # Comores (B). Fandaharan-dalao Volley-ball, andro faharoa, alahady 27 aogositra 2023 eny amin'ny kianja mitafon'Ankatso : 10h00 (D)- Seychelles # Maldives (B) , 12h00 (D)- Madagascar # Réunion (A), 14:00 (H)- Maurice # Comores (B). Fandaharan-dalao Basikety baolina 5x5, andro voalohany, 26 aogositra 2023 eny amin' ny Palais des Sports d'Antananarivo : 11h00- Comores # Mayotte (D), 13h30- La Réunion # Maldives (D), 16h00- Madagascar # Maurice (D), 18h30- Madagascar # Réunion (H). Fandaharan-dalao Basikety baolina 3x3, andro voalohany, alahady 27 aogositra 2023 eny amin'ny Parking haut Palais de sports + Stade Barea : "Phase éliminatoire ". Fandaharan-dalao Basikety baolina 3x3, andro faharoa, alatsinainy 28 aogositra 2023 eny amin'ny kianja mitafon'Ankatso : "phase finale". Fandaharan-dalao Ady Totondry lehilahy, andro voalohany, sabotsy 26 aogositra 2023 eny amin'ny Amphitheatre CCI Ivato : "phase éliminatoire". Fandaharan-dalao Badminton, andro voalohany, sabotsy 26 aogositra 2023 eny amin'ny Zone expo Forello Tanjombato : "phase éliminatoire". Fandaharan-dalao Tenisy ambony latabatra, andro voalohany, asabotsy 26 aogositra 2023 eny amin'ny zone expo Forello Tanjombato : "phase éliminatoire". Fandaharan-dalao Fibatana fonjamby, andro voalohany, sabotsy 26 aogositra 2023 eny amin'ny « petit palais des sports Mahamasina » : 10h00-(D 45 kg) sy (D 49 kg), 14h00- (H 55 kg) sy (H 61 kg). Fandaharan-dalao Fibatana fonjamby, andro faharoa, alahady 27 aogositra 2023 eny amin'ny « petit palais des sports Mahamasina » : 09h00-(D 55 kg), 11h30- (D 59 kg), 14h00- (H 67 kg). Fandaharan-dalao Tenisy, andro voalohany, sabotsy 26 aogositra 2023 eny amin'ny Acsa Ambohidahy » : Simple hommes – lalao miisa 8, Simple Dames – lalao miisa 8, Doubles Hommes/Dames.

***Rainilita***

### Mpikambana amin'ny FIBA

# Voafidy ho mpikambana indray Ramaroson Jean Michel

Voafidy indray, ho ao amin'ny filankevi-pitantanan'ny FIBA "Federasiona Iraisam-pirenena momba ny Basikety", ny filohan'ny FMBB "Federasiona Malagasin'ny Basikety", Ramaroson Jean Michel mandritra ny fe-potoampiasana 2023 hatramin'ny 2027. Ny FIBA dia mampivondrona Federasiona nasionaly 212 maneran-tany ary nivory tany Manille Philippine tamin'ny 23-24 aogositra 2023, niatrika ny Kongresy FIBA XXII izy ireo ary nahatratra 160 ireo firenena nandray anjara. Etsy andanin'izany, anisan'ny federasiona nahazo mari-pankasitrahana avy amin'ny FIBA ny FMBB noho ny



*Ramaroson Jean Michel, filohan'ny FMBB.*

vokatra tsara azony tamin'ny fampandrosoana ny Basikety teto Madagasikara. Ireto ny mpikambana ao amin'ny Birao Foiben'ny FIBA ho an'ny taom-piasana 2023 hatramin'ny 2027 : -Filohan'ny FIBA : Sheikh Saud Ali Al Thani (Qatar), -Sekretera jeneralin'ny FIBA : Andreas Zagklis, -Mpitantanam-bola FIBA : Ingo Weiss (Alemaina) -Mpikambana : Ms. Carol Callan (USA), Mr. Yamil Alejandro Bukele Perez (El Salvador), Atoa Usie Richards (Îles Vierges), Mme Yuko Mitsuya (Japon), Atoa Yao Ming (Chine), Mme Carmen Tocala (Roumanie), Mr. Matej Erjavec (Slovénie), Atoa Asterios Zois, (Grèce), Mr. Tor Christian Bakken (Norvège), Mme Jubilee Kuartei (Palau), Mr. Burton Ross Shipley (Nouvelle Zélande), Mme Pascale Mugwaneza (Rwanda), Atoa Jean-Michel Ramaroson (Madagascar). Ireo mpikambana vaovao ao amin'ny Birao Foibe FIBA ireo dia manatevin-daharana ny Filohan'ny faritra dimy FIBA mandritra ny fe-potoana 2023-2027, ao anatin'izany : Atoa Anibal Manave ho an'i Afrika, Atoa Fabian Borro ho an'ny Amerika, Dr. K. Govindraj ho an'i Azia, Atoa Jorge Garbajosa ho an'i Eoropa ary Atoa David Reid ho an'ny Oseania. Ny fihaonana voalohany amin'ity Birao vaovao ity dia hokarakaraina amin'ny 9 septambra ho avy izao mandritra ny dingana farany amin'ny fiadiana ny amboara eran-tany amin' ny basikety 2023 hatao any Manille.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Fon'omby nendasina sy ovy frity, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary tômaty, na lasary voatabia miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny coriandre na kotomila

Ny soa azo avy amin'ny coriandre na kotomila, laro manome hanitra ny Sakafo indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.

Anisan'ny zava-maniry tena fampiasantsika andavanandro ao an-dakozia ny KOTOMILA sady manitra ny sakafo asina azy.



Ireo zavatra hita ao aminy:

- Vitamine A, C, E, K.
- Fer na vy
- Potassium.

Ireo zava-tsoa azo avy aminy :

- manala stress na manala rarintsaina.
- Mampihena ny tahotra, ahiahy, mampilamina ny saina.
- Mampidina tahan'ny siramamy.
- Tsara ho an'ny fo.
- Tsara ho an'ny olona maloiloy sy mandoa lava, mampijanona izany.
- Manala pozina avy amin'ny sakafo hohanina.
- mandrindra tsara ny fadim-bolana, tsara ho an'ny olona manao trouble hormonal, na mikorontana ny famokaran'ny vatany hôrmôna.
-Mety ho an'ny olona manao Syndrome Alzheimers, Parkinson.
- Miaro amin'ny homamiadana na cancer ny tsinay.
- Manala ny hidihidy amin'ny hoditra.
- miaro amin'ny fahanteran'ny sela.
- Manampy amin'ny fandevonan-kanina.

Afaka atao jus na dite, na atao amin'ny salady na lasopy, mety daholo.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Ambodiharina, distrikan'i Mahanoro faritra Atsinanana

Ny tanànan'Ambodiharina, distrikan'i Mahanoro faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambodiharina ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 11 mandrafitra ny distrikan'i Mahanoro. Voahodidin'ny renirano ity tanàna ity : reniranon'i Mangoro. Mandeha baka arak'izany vao tonga any Ambodiharina. Mandalo ny tanàna ny lalampirenena mihazo an'i Marolambo, lalampirenena izay lalam-pasika sy lalan-tany. Vokatra any ny vary, ny kafe, ny jirofo, ny lavanila ; ny voankazo toy ny akondro, ny letchi, ny manga, ny soanambo, ny ampalibe. Misy mpanjono koa ny mponina any Ambodiharina, noho izy tanàna voahodidina renirano.



ANKATSO

# Habibiana no nataon'ireo mpitandro filaminana tamin'ireo mpianatra

Tena habibiana no nataon'ireo mpitandro filaminana, tamin'ireo mpianatra mitaky ny zony hianatra afak'omaly teny Ankatso, tsy tahotra tsy henatra intsony, fa samy nidaroka toy ny daroky ny tsy mlaila vola hoy ny fitenenana izay ireo mpitandro filaminana tonga nandrava ny hetsiky ny mpianatra teny amin'ny Anjerimanontolo. Manoloana izany, manameloka izany ireo fikambanan'ny mpianatra misy eny amin'ny Oniversiten'Antananarivo. Araka ny fanambarana nataon'izy ireo : manameloka ny herisetra natao taminy ireo mpianatra. Sokajian'izy ireo ho toy ny hery famoretana ny mpitandro ny filaminana. Mahatsiaro voafitakin'ny Filohan'ny Oniversite ihany koa izy ireo, tsy nampahafantatra azy ireo ny fialan'ny "franchise universitaire." Efa tafaverina any amin'ny fianakaviany avy ireo mpianatra nosamborina. Ilay zava-maneno kosa tsy mbola naverin'ny mpitandro ny filaminana. Miato hatramin'ny fotoana tsy voafetra aloha ny fitokonana. Hiverina hanao fitakiana izy ireo raha mitohy lavareny ny fahafatesan'ny Oniversite.



*Herisetra nataon'ny mpitandro filaminana ny alakamisy teo teny Ankatso.*

**Stefa**

Lalan'i Fandriana

# Nisehoana lozam-pifamoivoizana namoizana aina koa

Nisehoana lozam-pifamoivoizana namoizana aina koa afak'omaly ny lalana mankany Fandriana any amin'ny faritra Amoron'i Mania, tany Iary any amin'ny lalampirenena faha-41 iny. Sprinter iray no niharan-doza,13 naratra, 1 namoy ny ainy.
Tra-doza tao amin'ny tetezan'Iary, lalana mankany amin'ny Distrikan'i Fandriana, manaraka ny RN41, ny fiara iray Sprinter, mpitatitra olona avy any Fianarantsoa, ny alakamisy tolakandro teo. Vokany, naratra ny 13 tamin'ireo tao anatiny, ary nisy 1 namoy ny ainy. Notsaboina ao amin'ny CSB2 Talata Iary ny sasany tamin'ireo naratra, nisy 6 nentina ao amin'ny CHRR Volafotsy Ambositra. Nifarimbona ireo solontenampanjakana ao Fandriana sy Ambositra nanao vonjy aina sy nitondra ireo marary namonjy hopitaly nandritra izao lozam-pifamoivoizana izao.

**Stefa**



*Ilay fiara niharan-doza tany amin'ny RN 41.*

Oniversiten'i Fianarantsoa

# Aato mandritra ny tapabolana ny fampianarana noho ny Lalaon'ny Nosy

Araka ny fanambarana navoakan'ny tompon'andraikitra any amin'ny Oniversite any Andrainjato Fianarantsoa faritra Matsiatra Ambony, aato mandritra ny tapabolana ny fampianarana any an-toerana, noho ny fanatanterahana ny Lalaon'ny Nosy eto amintsika mandritra ny 15 andro. Araka io naoty io dia mitsahatra ny fampianarana ao amin'ny Oniversite mandritra ny tapabolana nanomboka omaly, ny antony dia mba hahafahan'ny mpianatra manao ny fifaninanana raha toa misy izany, ary mba hahafahan'ny mpianatra mandray anjara amin'izay hetsika atao mahakasika ny Lalaon'ny Nosy koa. Ny mahakivy ireo mpianatra amin'izao fanbapahan-kevitra izao, ao anatin'ny fanadinana izy ireo amin'izao sady nilaza ny ankamaroany fa raha aty Antananarivo no atao ny lalao dia maninona no izy ireo any Fianarantsoa no hijanona. Mampieritreritra tokoa ilay naoty navoaka.




*Ny Oniversiten'Andrainjato any Fianarantsoa.*

**Aly**

Morondava

# Zaza lahy jamba afaka Bepc, hanohy fianarana any Antsirabe

Tanora zaza lahy iray manana fahasembana i Razanajafy Davidson Robert, jamba hatrany ankibon-dreniny izy. Na dia teo aza izany dia nampianatra azy hatrany ny reniny ary niezaka sy nilofo hatrany koa izy, ka afaka BEPC tamin'ny fanadinam-panjakana farany teo. 6 mianadahy izy ary 2 no jamba, izay nahatonga ny rain'izy ireo hanary azy ireo, ka nanomboka teo dia nanontena ny reniny ary asa-tanana fandrariana no fivelomany. Maniry ny hanohy ny fianarany hatrany anefa i David ary vonona hanampy azy ny reniny, ka tapakevitra izy ireo fa hifindra any Antsirabe satria na misy lycée aza eto Morondava dia tsy mbola ampy ny fanentanana mikasika ny olona jamba, ka mety ho sahirana izy raha ho ampianarina any hoy ny reniny, izay no tsy maintsy hifindran'izy ireo any Antsirabe, mba hahafahan'i David manohy ny fianarany . Manoloana izany dia mangataka fanampiana amin'izay tsara sitrapo izy ireo, satria voatery tsy maintsy manorimponenana any Antsirabe faritra Vakinankaratra. Efa misy ihany ny fikambanana izay manohana an'i David, miantoka ny fitaovam-pianarany isantaona, saingy mbola eo ny hoenti-manana hifindrana any Antsirabe, sy ny hivelomanana any, koa mitady fanampiana izy ireo, mba hahafahany miakatra any Antsirabe ary eo koa ny fitadiavana trano hipetrahana, satria tsy maintsy hanofa trano izy ireo 3 mianaka izy ireo no handeha : ny zokiny izay jamba toa an'i David koa ary ny reniny, fa ireo mpiray tampo aminy sisa dia mbola hijanonana aty Morondava. Efa miezaka nanampy azy ireo ihany ny fitaleavam-paritry ny mponina Menabe, ka nanome vary ho azy ireo, fa mbola manao antso avo hoan'ireo tsara sitrapo sy fikambanana mpanao asa soa, mba hanampy ity tovolahy ity sy ny fianakaviany, satria any Antsirabe no mba misy sekoly hahafahany manohy ny fianarany. Afaka manatona ny fitaleavam-paritry ny mponina Menabe na hiantso ny laharana 034 79 093 03 . Hatreto raha ny faritra Menabe no resahina dia tsy misy foto-drafitrasampampianarana manokana ho an'ireo manana fahasembana, indrindra fa ny jamba, raha ny tsy mianakina no mikarakara sy manokatra sekoly ho an'ny moana sy marenina ka mijaly ireo ireo sembana ary mahatsiaro fa adinon'ny fanjakana tanteraka ny fisian'izy ireo, satria na tamin'ny fanalan'i David fanadinana BEPC izao no resahina dia efa tany amin'ny fikarakarana antotan-taratasim-panadinana no efa fantatra fa misy mpiadina jamba kanefa dia tsy mba nisy fanomanana toerana manokana ho azy, fa tao amin'ny biraon'ny Proviseur no efitranom-panadinana nasiana azy, izay arak'izany dia birao ary sady mbola miakatra tohatra koa.



*David, jamba mila tohana any Morondava faritra Menabe.*

**Rajepa**

Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

# Mila haverin-danja sy hasina ny sehapampianarana potehan'ny mpitondra

Hatrany am-panomanana, toy ny fanangonana ireo olona hiambina sy hanara-maso ny fizotry ny fanadinana bakalôrea, ka nandritry ny fizotrany izay niarahanahita sy nahalala ny olana be tao anatiny, ary hatramin'ny niafaràny teo amin'ireo mpitsara hanao ny "délibération", dia olana hatrany no nitranga. Nampalahelo sy nanahiran-tsaina ny olom-pirenena maro, mazava loatra ireo mpampianatra sy mpanabe marina ny zava-nitranga. Tsy afak'olana ny seha-pampianarana eto Madagasikara. Izao indray koa nambara, fa hiditra taona fotsy ny fampianarana eny amin'ny Oniversiten'Antananarivo noho ny fitokonan'ireo mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra eo anivon'ny Seces-n'Antananarivo. Na ny any amin'ny ambaratonga ambany hatreo amin'ny kilasy famaranana, na ny eny amin'ny ambaratonga ambony dia tsy afak'olana, ary tsy mahavaha olana ny tomponandraikitra sy ny fitondrana Rajoelina. Ny zana-bahoaka, ny zaza malagasy hatrany no lasibatra voalohany ao anatin'izany sehatra izany. Namaivanina ve ny anjara toerana na ny lanja omena ny seha-pampianarana eto amintsika? Sa efa miha- lany andro ny rafi-pampianarana tranainy nampiharina hatramin'izay teto amintsika? Misy mihitsy aza talen-tsekoly iray amin'ny sekolim-panjakana nilaza fa iniana potehina ny lentampahaizan'ny zaza Malagasy, noho ny fitotonganan'izany isan-taona rehefa miatrika fanadinana. Tsy misy ny ezaka mafy amin'ny fanarenana izany lesoka lehibe amin'ny fanabeazana ny zaza malagasy izany hatreto. Ny programam-pampianarana aza efa misy lany andro. Lany andro fotsiny sy mandany volam-bahoaka, fa tsy hita marina izay fiantraikan'ireo fikaonandoha samihafa momba ny seha-pampianarana atao. Misy ny tokony hodinihina hikaonan-doha maika kanefa toa variana amin'ny zavatra hafa ny tomponandraikitra.
Hoan'ny Vovonana AFK, dia efa mifofotra amin'ny fikarohan-kevitra entina hanatsarana ny fanabeazana sy fampianarana izay izy. Nisy ny fikaonandoha efa natаony momba izany ary efa misy ny hevitra tokony hizorana amin'ity sehatra ity. Mbola mitohy ny asa amin'izany ary miandry ny fientanan'ny olom-pirenena ao anatin'izany, fa ny fiaraha-misalahy no ho fahombiazana hahavaha ny olana. Fifandraisana 034 17 460 53.

**Aris**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**20/08/2023 hatramin'ny 26/08/2023**

- **MAHAMASINA** (Mahamasina) 020 22 545 58 / 020 22 545 59 / 034 07 545 58
- **ISORAKA** (Isoraka) 020 22 285 04 / 020 22 694 12
- **CAPITALE** (Rond point Ankazomanga) 020 23 610 00 / 034 25 610 00
- **AMPANDRANA** (Ampandrana) 020 22 258 99 / 034 19 341 82
- **AMBODIVONA** (Ambodivona) 034 07 228 98

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1465-08-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**FAHATAPAHAN-JIRO**

# Manimba ny fidiram-bolan'ny maro

Na fahatapahan-jiro ny filaza azy, na delestazy, tena manimba ny fidiram-bolan'ny maro izay olana eo amin' ity resaka angôvo ity eto amintsika.
Hatramin'izao, mitaraina ny olona fa tsy afaka miasa ara-dalàna noho ny olan'ny jiro, nefa efa mandoa faktiora ara-dalàna tsara ny olona, ny fanapahana anefa maika dia maika ry Jirama raha misy tsy voaloa ny faktiora. Tato ho ato dia marobe ireo olona velontaraina, fa tsy rariny mihitsy ny fanapahan-jiro ataon' ny Jirama amin'ny tokantrano iray izay voalaza fa tsy nahaloa faktiora nefa dia tsy izay mihitsy ny zava-miseho, fa ry zareo no tsy tonga, dia misy fahatarany ny fandoavana, ary ny mpanjifa rahateo raha mampiasa rianatra, miasa tena, dia mijaly noho ireo tandrevaka ataon'izy ireo, ka tafintohina tanteraka. Araka ny fanapahan-kevitra nivoaka farany, dia ny mpiasan'ny Jirama no mitety trano mandray izay anjara lany amin'ny kaontera tsirairay, ary miantoka ny fanaterana ny faktiora, mora ho an'izay mampiasa ny fitaovana fanisana fahiny izany, ka tokony hanomezany izay ara-dalàna amin'ny fanapahana rianaratra tokony hatao, fetrandro mazava sy mifanaraka amin'ny fotoana mifanaraka amin'ny tokony ho izy. Tsy ara-dalàna ny fidiram-bolan'ireo mpanao volo, ireny cyber sy mpanao fahana batery ireny ohatra, nefa mbola maro koa ny mpampiasa izany amin'ny asa fivelomana izay atao, toy ny mpiasa tena rehetra mila loharanon'angôvo izany. Tsy misy ny fidiram-bola sahaza, nefa ry zareo dia maika maika ihany hanapaka ny jiro, ka raha vao tonga eny amin'ny mpanjifa, dia mitady tolotra na tsolotra amin'ny tompontrano dia mba afaka miandry kely andro vitsivitsy hono.
Tsarovy fa misy koa ireo kaontera vaovao, ka ny mpanjifa no mividy izay fahana sahaza azy, toy ireny mividy credit amin' ny finday ireny, nefa aoka ny rehetra samy ho mailo, fa misy ireo mitady hijery ny kaontera, nefa mety ho mpisoloky ihany koa , mahatonga ny rehetra hilaza fa tokony hanao akanjo misy marika Jirama mazava izay misahana izany toy ny mpiasa fahiny. Ary mba ho tompon'antoka amin'ny fanaterana faktiora ihany koa, rehefa samy mahatsapa ny asa iandraiketany, sy ny fahasahiranana. Fehiny, raha ho delestazy foana no manjo, ho potika ho potika hatrany ny fidiram-bolan'ny maro.

***Beharo***

Fianakaviamben'ny Sendika sy ny Seces

# Tsy azo ekena intsony ny antsojay sy fanamparam-pahefana

Nanantanteraka fivoriana teny Ankatso omaly maraina ny FSMM na ny Fianakaviamben'ny Sendikan'ny Mpiasa Malagasy, niaraka tamin'ny SECES Antananarivo, na ny Sendikan'ny Mpampianatra Mpikaroka eto Antananarivo. Anisan'ny nivoitra tamin'ity fihaonana ity ireto manaraka ireto : filazana ireo maharary ny mpiasa malagasy, na miankina na tsia amin'ny fanjakana. Manoloana ny antsojay sy ny fanaparam-pahefana, dia nilaza ny izy ireo fa tsy azo ekena intsony izany. Nanentana ireo mpiasa malagasy hifoha ihany koa izy ireo, mba handray an-tanana ny hoavin'ny mpiasa malagasy. Manameloka marindrano ny herisetra nataon'ireo mpitandro ny filaminana tamin'ny mpianatra nanao fihetsiketsehina ihany koa. Milaza ny FSMM sy ny Seces Antananarivo, fa santatra am-bavarano ihany izao fivoriana niaraka nataony izao, fa mbola hisy ny tohiny.

***Niaina***




***Fianakaviamben'ny Sendika sy ny Seces teny Ankatso.***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)


**N° 441**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady




**Mitsivalana**

**1.** Loka sy amboara izay zaraina *2.* Bengy – Fanontaniana **3.** Finoana **4.** Toby fianarana – Karazana sazy **5.** Tampisaka – Mailo, mahina, mandamin-tsaina **6.** Mpisolo tena (miv) – Lehilahy **7.** Isa omena **8.** Karazam-by (miv) – Natoky **9.** Taova – Satria – Ariary **10.** Mari-drefy – Haja sy voninahitra – Renirano

**Mitsangana**

**A.** Vahoaka ao amin'ny fokontany **B.** Raharaha izay atao – Zanak'i Dada – Tsy sarotra (BR) **D.** Nandeha soavaly sy moto **E.** Ao amin'ny boky – Simba sy masiso **F.** Tsy mikorontana **G.** Marika – Mitempo **H.** Olona be taona **I.** Vizana – Marikandro **J.** Mampisafidy – Mitsako (BR) **K.** Fanadinana – Mahantra

### Valiny Teny Tondro (0440)

***Mitsivalana***

- Fahotana
- Avela (miv)
- Renirano
- Ahy (miv) – Ar
- Ta – Ako
- Nisava (miv)
- Anay – Iva

***Mitsangana***

- Faritra
- Aleha
- Hena – AA
- Ovy – Avy
- Tarika
- Osy
- Nana – IV
- Orona

### Valiny Teny mifanaraka 0440

**Mitsivalana**

**1.**Matoanteny **2.** IF - Aloa (miv) **3.** Notolorana **4.** OM - Vato (miv) **5.** Sambava - Ao (miv) **6.** Penina **7.** Taolana - IA **8.** RN - Osa - DDT **9.** Adinony - Ro (miv) **10.** Ahitana

**Mitsangana**

**A** Minisitra **B.** Afo- (M)ando **D.** Tompo **E.** Olombelona **F.** Hosana (miv) **G.** Nao - Vinany **H.** Toroana - Ti (miv) **I.** Tale (miv) **J.** Nanao - Nody (miv) **K.** Avaratra

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

**Ny filoha Marc Ravalomanana, voalohany nametraka ny antontan-taratasy firotsahan-kofidiany, teny amin'ny HCC Ambohidahy ny alakamisy teo.**





